# 365Tantara 32. Voatenti-drà ny varavarana !




# 32. Voatenti-drà ny varavarana !

Nandritra ny ady iray nahatsiravina ary na¬halatsa-drà betsaka dia nisy komandy iray izay nanao fianianana teo anatrehan'ny miaramilany, fa hamono ny mponina rehetra ao amin'ny tanàna iray.



Tsy ela akory ny tsy manantsaina mpandatsa-drà dia nalefa afovoan'ny mponina tsy manam-piarovana. Nisy olona iray anefa afa-nandositra, nitsikilo andiana mia-ramila iray. Tsy nisy famindram-po mihintsy, fa dia novonoiny tamin'ny sabatra avokoa ny olona rehetra tao. Izany dia fomba hampisehona , ho an'izay manaraka azy ato aoriana, ny zavatra nitranga tao anatin' ity trano ity !




Nihazakazaka haingana araka izay tratry ny heriny ilay olona afa- nandositra ,hamonjena tranobe iray teo afovoan-tanàna, tao mantsy no niafenan'ny sasany tami¬n'ireo namany. Tsy niala sasatra akory izy dia nitantara ny zavatra hitany…



Toy ny anaty tselatra dia niseho tamin'izy ireo izay zavatra tokony nataony : nahita osy teo an-tokotany ... Novonoina avy hatrany ilay izy, ka nafafy tamin' ny varavarana ny rà-ny. Zara raha voahidin'izy ireo ny varavarana, dia niroatra teo amin'ny arabe ireo andiana miaramila. Rehefa tonga teo amin'ilay varavarana voatentin-drà izy ireo, dia tsy nitady hiditra intsony.
Efa nandalo tato ny fahafatesa¬na ary efa nanao ny asany hoy ny eritreritr'izy ireo. Teo amin'ny manodidina kosa dia nitohy ihany ny famonoana … Fa ireo izay teo ambanin'ny fiarovan'ny varavarana voatentin-drà, dia voavonjy. Tsy mampahatsiahy izay niseho taloha efa ela, tao amin'ny Testamenta taloha ve izany, rehefa nivoaka ny tany Egypta, ny zanak'Israely, teo ambany fitantanan'i Mosesy?

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



- Ary raha mahita ny rà Aho, dia handalo anareo, hoy ny Tompo amin'ny vahoakany.
- Eny, i Jesosy-Kristy no Paska, natao fanatitra ho antsika ! Ny ràny latsaka, no nihazona ny sabatry ny fitsaran'Andriamanitra lavitra an'ireo izay mino, sy izay mitady fialofana ao Aminy !

Manatona Azy ... fa Izy no nanonitra ny zava-drehetra mba ho afaka ianao!
Mba hananao ny fiainana mandrakizay ! Ary tia anao Izy, manolotra anao ny tànany !